Manatòna An'Andriamanitra Amin'ny Alalan'ny Vavaka (Fizarana 3)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 17, azo jerena ato amin'ny jw.org.

TANJONA: Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

TENA MAMALY VAVAKA VE ANDRIAMANITRA?

1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny?

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia?

Ary *ianao,* inona no inoanao?

Nahoana ianao no mino an'izany?

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

Samihafa ny fomba amalian'Andriamanitra ny vavaka ataontsika.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 17, fehintsoratra 16-18.)

Vakio ny Ohabolana 12:25 sy ny Hebreo 1:13, 14 ary ny Jakoba 2:16.

Ahoana no mety hampiasain'i Jehovah anjely na ny mpiara-manompo amintsika mba hamaliana ny vavaka ataontsika?

Vakio ny 2 Korintianina 4:7.

Mivavaka amin'i Jehovah isika rehefa misy fitsapana. Inona no azon'i Jehovah omena antsika mba hanampiana antsika hiatrika an'ilay izy?



Mifidy ny fotoana tsara hanomezana an'izay ilain'ny zanany ny raim-pianakaviana hendry. Hoatr'izany koa no ataon'i Jehovah. Mifidy ny fotoana hitany hoe tena mety izy mba hamaliana ny vavaka ataontsika

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

Tokony hivavaka foana isika, dia hatoky fa hamaly ny vavaka ataontsika i Jehovah, ary amin'ny fomba tsara indrindra no hamaliany an'ilay izy.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 17, fehintsoratra 19-20.)

Vakio ny Lioka 11:5-10.

Nahoana isika no tokony hivavaka foana, na dia hoatran'ny tsy valian'i Jehovah avy hatrany aza ny vavaka ataontsika?

Vakio ny Filipianina 4:13.

Raha tsy tonga dia esorin'i Jehovah avy hatrany ny fitsapana mahazo antsika, dia ahoana koa no mety hamaliany ny vavaka ataontsika?

Ahoana avy no efa nataon'i Jehovah mba hamaliana ny vavaka *nataonao?* Manomeza ohatra.

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

Tsy miraharaha antsika Andriamanitra dia tsy hamaly ny vavaka ataontsika izany izy.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Mampalahelo fa be dia be ny olona mieritreritra hoatr'izany. Hitako anefa hoe mampahery ity hevitra ity...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

RAHA MISY MITENY HOE…

Mahery indrindra Andriamanitra, ka tokony hovaliany avy hatrany ny vavaka ataontsika.

DIA AZONAO VALIANA HOE…

Be dia be ny olona mieritreritra hoatr'izany, nefa diniho hoe...

_____

_____

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

_____

Ahoana no hanazavanao an'io andinin-teny io amin'ilay olona?

_____

www.jw.org © 2017 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania